
# Nitsidika an'i Inde ny Loholona Bednar

Nandeha niaraka tamin'i Susan Bednar vadiny ny Loholona David A. Bednar mba hizara amin'ny mpikamban'ny Fiangonana tao Inde ny fijoroana ho vavolombelona ananan'izy ireo momba ny an'i Jesoa Kristy. I Inde dia iray amin'ireo tanàna lehibe indrindra maneran-tany. Ary tsy ho ela dia hanana ny tempoliny voalohany izy!



Nandeha tao amin'ny tanànan'i Rajahmundry ny Loholona sy Rahavavy Bednar. Tsy mbola nisy Apôstôly nandeha tany hatrizay.






Nandray tanana ny Loholona Bednar ireo ankizy.





Nandritra ny fivoriana iray tao Hyderabad, dia nisy ankizivavy iray nametraka fanontaniana iray tamin'ny Loholona Bednar.

"Arakaraka ny handehanako manerana izao tontolo izao, arakaraka ny hitsidihako firenena, arakaraka ny hianarako zavatra avy amin'olona maro, no ahitako fa mitovy daholo ny olona eran'izao tontolo izao."





Faly avokoa ny tsirairay nandre ny fijoroana ho vavolombelon'ny Apôstôlin' Andriamanitra!

SARY NATAON'I SKYLER DUMAS

## AMPITOVIO IREO ELEFANTA

I Inde dia ahitana elefanta eo amin'ny 30.000. Elefanta mitovy tsiroaroa firy no hitanao etsy ambany? Inona avy ireo biby tena tianao izay noharian' Andriamanitra sy i Jesoa Kristy?

